malgache

# Les chants de la Primaire : un don sacré pour tourner notre cœur vers Jésus-Christ

Par Tracy Y. Browning
*Deuxième conseillère dans la présidence générale de la Primaire*

# Mampifanaraka ny fonao amin'i Jesoa Kristy: Ilay fanomezana masina voarakitra ao amin'ny hiran'ny Kilonga

Nosoratan-dRahavavy Tracy Y. Browning
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany*

Conférence générale d'octobre 2025

---

*Les chants de la Primaire sont des sermons pour les disciples de Jésus-Christ, des témoignages de la véracité de l'Évangile rétabli et des prières mises en musique.*

*Ireo hiran'ny Kilonga dia toriteny ho an'ny mpianatr'i Jesoa Kristy, sy fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, ary vavaka izay natao ho hira.*

L'une des bénédictions de mon service à la Primaire est que mon cœur a appris à aimer dans des langues que je ne parle pas. J'ai éprouvé de la joie en communiant avec mes coreligionnaires grâce au langage de la musique sacrée. Et, grâce aux chants simples de la Primaire, le Saint-Esprit a transcendé la barrière de la langue et a rempli mon cœur de ses murmures. Par la voix des enfants, l'amour de Dieu et de son Fils, Jésus-Christ, est proclamé avec une clarté saisissante.

Isan'ny fitahiana azoko amin'ny fanompoako ao amin'ny Kilonga ny nianaran'ny foko mitia amin'ny fiteny tsy fantatro. Nahitako fifaliana ny nifandray tamin'ireo Olomasina namana tamin'ny alalan'ny fiteny iombonan'ny hira masina. Ary tamin'ny alalan'ny hira tsotran'ny Kilonga indrindra ny Fanahy Masina dia nandresy ireo sakantsakan'ny fahasamihafam-piteny ka nameno ny foko tamin'ny bitsika nataony. Nambara tao anatin'ny fahamarinana mazava sy mahitsy tao amin'ny feon'ireo ankizy ny fitiavan' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Zanany.

Même si je n'ai pas grandi à la Primaire, l'Esprit m'a enseigné le caractère sacré de ces chants, qui font partie de ma pratique spirituelle personnelle. Ils ont exercé une sainte influence dans ma vie, ont édifié mon âme, m'ont enseigné des vérités éternelles, et m'ont rapprochée du Sauveur et de son Évangile.

Na dia tsy tao amin'ny Kilonga aza aho fony kely, dia nampianatra ahy haingana ny Fanahy fa masina ny hiran'ny Kilonga ary lasa ampahany amin'ny fitsaohana ataoko izy ireny. Nitondra fitaomana masina teo amin'ny fiainako sy nankahery ny fanahiko ny hiran'ny Kilonga, nampianatra ahy fahamarinana mandrakizay ary nampanakaiky ahy an'ny Mpamonjy sy ny filazantsarany.

Dallin H. Oaks a dit un jour : « Les cantiques sont l'un des meilleurs moyens d'apprendre la doctrine de l'Évangile rétabli. » Ces paroles sont vraies pour chacun de nous et surtout pour les enfants. La musique est l'un des outils de Dieu les plus tendres pour planter les graines du témoignage dans le cœur des plus jeunes disciples du Sauveur. Les parents, les dirigeants et les instructeurs nourrissent ces graines lorsqu'ilsrendent témoignage aux enfantsetles invitentà témoigner de ce qu'ils apprennent sur notre Père céleste, son

Nampianatra ny Filoha Dallin H. Oaks hoe: "Ny fikaloana ireo hira ao amin'ny fihirana dia isan'ireo fomba tsara indrindra hianarana ny fotopampianaran'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny."Manan-kery ho antsika rehetra ireo teniny ireo saingy tena manan-kery manokana ho an'ireo ankizy. Ny hiran'ny Kilonga dia iray amin'ireo fitaovana feno fitiavana indrindra entin' Andriamanitra mamboly ny voan'ny fijoroana ho vavolombelona ao am-pon'ireo mpianatry ny Mpamonjy zandriny indrindra. Mikolokolo

Fils, Jésus-Christ, et le Saint-Esprit.

izany voa izany ireo ray aman-dreny sy mpitarika ary mpampianatra rehefamijoro ho vavolombelonasymanasa ireo ankizy hijoro ho vavolombelonaizy ireo ny amin'izay fahalalana rehetra azony momba ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany ary ny Fanahy Masina.

Au cours de ces dernières années, j'ai chanté des chants de la Primaire et en ai tiré des enseignements, et ce, tout en réfléchissant à quelques questions :

Tanatin'ireo taona maromaro farany nanompoako dia nanokana fotoana aho nihirana sy nianarana avy tamin'ny hiran'ny Kilonga sady nandinika fanontaniana vitsivitsy:

En quoi les chants de la Primaire deviendront-ils le langage spirituel que les enfants emploieront pourtémoignerle reste de leur vie?

Ahoana no ahafahan'ny hiran'ny Kilonga izay nianarana nandritra ny fahazazana ho lasa fomba fiteny ara-panahy izay ampiasain'ny ankizy mbahijoroana ho vavolombelonamandritra ny androm-piainany sisa?

Pourquoi le fait de chanter des vérités de l'Évangile permet-il aux enfants de sesouvenirdu Seigneur, dans le cadre de leur alliance, et de les préparer à ses ordonnances?

Manampy ny ankizyhahatsiarony Tompo araka ny fanekempihavanana ataon'izy ireo sy hanomana azy ireo ho amin'ny ôrdônansiny amin'ny fomba ahoana ny fihirana ireo fahamarinan'ny filazantsara?

En quoi ces chants contribuent-ils àgraverla loi de Dieu dans le cœur des plus jeunes disciples?

Ary ahoana no ahafahan'ny hiran'ny Kilongamanoratrany lalàn' Andriamanitra ao am-pon'ireo mpianatry ny Tompo zandriny indrindra ireo?

En 1878, Aurelia Spencer, la première présidente générale de la Primaire, a déclaré qu'il était nécessaire de chanter. La musique a toujours été au cœur de l'enseignement de l'Évangile aux enfants. C'est parce qu'ils donnent voix à des vérités de l'Évangile que ces chants peuvent être le premier langage spirituel des enfants. Ils ont le pouvoir d'accompagner les enfants tout au long de leur vie de disciple, et constituent une manière naturelle et normale de témoigner du Sauveur.

Fony niantomboka tamin'ny 1878 ny Kilonga, dia hitan'ny Filohany maneran-tany voalohany, Aurelia Spencer Rogers, fa "tena ilaina ny mihira".Hatramin'izay ny hira dia efa ivon'ny fampianarana filazantsara an'ireo ankizy. Ireo hiran'ny Kilonga dia afaka ny ho fiteny ara-panahy fampiasa voalohany ho an'ny ankizy noho ny feon-kirany tsotra sy mora tadidiana izay mamoaka ireo fahamarinan'ny filazantsara. Manana ny hery hitoetra miaraka amin'ireo ankizy mandritra ny androm-piainany ireo hira ireo, ho lasa tafiditra ao amin'ny maha mpianatra azy ireo ary fomba tsotra sy mandeha ho azy entin'izy ireo mijoro ho vavolombelona ny amin'ny Mpamonjy.

## Enseigner la doctrine de Jésus-Christ par le chant

## Mampianatra ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny hira

Les chants de la Primaire jouent également un rôle essentiel dans l'enseignement de la doctrine. Certains racontent le récit de la vie et du ministère du Sauveur. D'autres parlent de ses vertus, comme sa foi, son espérance et sa charité. Et les chants les plus sacrés témoignent de son expiation infinie et de l'amour qui découle de cet acte salvateur.

Afaka ny ho fitaovana mahery vaika hampianarana ny fotopampianarana ihany koa ireo hiran'ny Kilonga. Misy ireo hira izay mitantara ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny asa fanompoany. Misy koa mampianatra ny toetra ananany toy ny finoany, ny fanantenany ary ny fiantrany. Ary ireo hira masina indrindra dia mijoro ho vavolombelona ny amin'ny Sorompanavotana tsy manam-petra sy ny fitiavana izay miboiboika avy amin'izany asa famonjena izany.

Russell M. Nelson, un prophète du Seigneur, a enseigné : « [La musique] peut exercer une influence continue pour le bien, longtemps après les années d'enfance. [Elle] a [le] pouvoir d'apporter une nourriture spirituelle. Elle a le pouvoir de guérir. Elle facilite le culte, nous permettant de réfléchir à l'expiation du Sauveur et au rétablissement de l'Évangile, qui contient les principes du salut et les ordonnances de l'exaltation. La musique nous donne le pouvoir d'exprimer des prières intérieures, et de témoigner de vérités sacrées. »

Ny mpaminanin' Andriamanitra iray, ny Filoha Russell M. Nelson, dia nampianatra hoe: "[Ny hira] dia afaka mitondra fitaomana tsy tapaka hanao ny tsara aty aoriana na efa dila aza ny fahazazan'ireo ankizy. … Manana hery hanome sakafo ara-panahy ny hira. Manana hery manasitrana izy io. Manana hery hanamora ny fitsaohana izy io, mamela antsika hisaintsaina ny Sorompanavotana nataon'ny Mpamonjy sy ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara, miaraka amin'ireo fitsipiny mamonjy sy ireo ôrdônansiny manandratra. Manome hery hahafahantsika maneho eritreritra feno vavaka sy mijoro ho vavolombelona momba ireo fahamarinana masina ny hira."

En tant que parents, dirigeants et instructeurs, nous permettons aux enfants d'accéder aux bénédictions promises en leur enseignant les vérités de l'Évangile contenues dans la musique. Le président Nelson a ajouté que « lorsqu'ils apprennent à chanter, les enfants peuvent recevoir la doctrine avec autant de clarté que lors d'un enseignement en classe». Ces chants sont des sermons remplis de foi qui orientent les enfants vers le Sauveur et accroissent leur dévouement pour son Évangile.

Tafiditra ao anatin'ny ezaka ataontsika ray aman-dreny sy mpitarika ary mpampianatra ny fanampiana ireo ankizy ho afaka handray ireo fitahiana nampanantenaina amin'ny fampianarana amin'ny tena finiavana ny fahamarinan'ny filazantsara izay hita ao amin'ny hira. Nampianatra ihany koa ny Filoha Nelson fa "ny ankizy dia afaka mianatra ny fotopampianarana rehefa mianatra mihira izy ireo, tsisy hafa amin'izy ireo afaka mianatra ny fotopampianarana ao an-dakilasy".Ireo hira ireo dia afaka ny ho loharanom-pianarana feno finoana izay mampitodika ny ankizy ho any amin'ny Mpamonjy sy manampy azy ireo hampitombo ny fanolorantenan'izy ireo ho an'ny filazantsarany.

Les Écritures enseignent que le chant des justes qui vient du cœur est une prière pour le Sauveur. Je suis émerveillée par la joie qu'apportent les voix des plus jeunes disciples du Sauveur. Leurs chants sont une expression de foi qui permet au Saint-Esprit de confirmer des vérités éternelles, et constituent une invitation douce et tendre, à accepter l'appel du Sauveur de le suivre et de revenir à leur foyer céleste. Comme Henry B. Eyring nous l'a rappelé, lorsque nous ressentons l'Esprit, nous avons la preuve que l'expiation du Sauveur agit dans notre vie.

Mampianatra ny soratra masina fa fahafinaretana ho an'ny Mpamonjy ny hiran'ny marina izay avy amin'ny fo.Azoko an-tsaina ny fifaliana izay entin'ny feon'ireo mpianatry ny Mpamonjy zandriny indrindra. Fantatro fa mipàka hatrany an-danitra ny vavaka an-kira ataon'izy ireo hanehoany finoana izay manasa ny Fanahy Masina mba hanamarina ireo fahamarinana mandrakizay sy manasa tsimoramora sy am-pitiavana ny hafa mba hanaiky ny antson'ny Mpamonjy mba hanaraka Azy sy hiverina hody. Nampahatsiahy antsika ny Filoha Henry B. Eyring fa amin'ireny fotoana izay ahatsapantsika ny Fanahy ireny no hahazoantsika ny porofo fa miasa eo amin'ny fiainantsika ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

## Graver la vérité dans le cœur

La musique de la Primaire est un miracle qui accompagnera nos enfants tout au long de leur vie transformatrice de disciple. Un chant appris à six ans peut nous revenir à l'esprit des décennies

## Mampiraikitra fahamarinana ao am-po

Ny hiran'ny Kilonga dia afaka ny ho fahagagana hoentina mamakivaky ny lalan'ny maha mpianatry ny Tompo mandritra ny androm-piainana izay hodiavin'ireo zanatsika. Ny hira izay

plus tard, dans les heures de choix, de tentation, de tristesse ou d'allégresse. Au soir de notre vie, les paroles de « Je veux suivre le plan de Dieu » nous serviront d'ancre spirituelle, en écho au témoignage donné par l'apôtre Paul sur la véracité des promesses que Dieu nous fait. Ou elles nous rappellerons que parce que Dieu tient ses promesses, ses alliances sont une source de consolation et de protection, et nous invitent à placer avec constance notre espoir et notre assurance en Jésus-Christ, et en son pouvoir expiatoire.

Lors d'épreuves, les membres adultes du monde entier se rappellent souvent les chants de la Primaire qu'ils ont appris dans leur enfance. Ces chants ont affermi les premiers fondements de leur foi en Jésus-Christ et ont souvent été le début de leur conversion à son Évangile. Les parents, les dirigeants et les instructeurs ont nourri cette foi en enseignant, en chantant et en témoignant aux enfants avec attention.

Une sœur m'a dit combien, vingt ans plus tard, l'amour qu'elle éprouvait pour la musique à la Primaire avait favorisé et intensifié la progression constante de sa conversion à l'Évangile de Jésus-Christ. Un autre membre a témoigné que la semence de foi plantée dans son cœur à la Primaire était la raison pour laquelle il était revenu à l'Église du Seigneur dans sa trentaine. Le Seigneur a promis : « Le consolateur […] vous enseignera toutes choses, et vous rappellera tout ce que je vous ai dit. » La musique à la Primaire est un des moyens d'accomplissement de cette promesse.

Un autre chant de la Primaire reflète la puissance d'une foi simple et d'un témoignage persévérant :

Je marche avec Jésus, vers les cieux là-haut.

Il m'accorde son Esprit-Saint, son amour, son repos.

nianarantsika tamin'ny faha enin-taonantsika dia manana ny hery hitoetra miaraka amintsika, sy hitamberina taona maro atý aoriana rehefa handray fanapahan-kevitra na alaim-panahy na ory na faly. Angamba any aoriana any ny tonon'ilay hira hoe "Hanaraka ny drafitry ny Ray aho" dia azontsika atao vatofantsika ara-panahy izay mampita ny tenivavolombelon'i Paoly Apôstôly ny amin'ny maha azo antoka ny fampanantenan' Andriamanitra ho antsika.Na koa afaka mampahatsiahy antsika izy ireny fa noho ny fanatanterahan' Andriamanitra ny fampanantenany dia manome fampiononana matanjaka sy manome toeran-kialofana ary manasa antsika hametraka ny fanantenantsika sy ny fitokisantsika mafy tsara amin'i Jesoa Kristy sy ny heriny manavotra ny fanekempihavanany.

Misy olon-dehibe mpikambana manerana izao tontolo izao izay mahatsiaro sy mitodika matetika amin'ireo hiran'ny Kilonga izay nianarany tamin'ny fahazazany rehefa anaty fotoan-tsarotra. Ho an'ny maro amin'izy ireo dia nihazona ny fototry ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy tany am-piandohana ireny hira ireny ary matetika dia ireny no niantombohan'ny fiovam-pon'izy ireo ho amin'ny filazantsarany. Nikolokolo izany finoana izany nandritra ny taona maro ireo ray aman-dreny sy mpitarika ary mpampianatra tamin'ny alalan'ny fampianarana sy fihirana ary fijoroana ho vavolombelona feno fiahiana tamin'ireo ankizy.

Nisy rahavavy iray nizara tamiko fa tia ny hiran'ny Kilonga izy, ary 20 taona taty aoriana dia io no ekeny fa nanafaingana ny fiovam-pony tsy tapaka ho amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nisy mpikambana iray hafa nijoro ho vavolombelona fa ny Kilonga dia namboly voatsinapin'ny finoana fony izy mbola kely ary io no antony nahafahany niverina tao amin'ny Fiangonan'ny Tompo tamin'izy telopolo taona mahery. Nampanantena ny Mpamonjy fa "ilay Mpananatra … no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra".Ny hiran'ny Kilonga dia fomba iray ahafahan'izany fampanantenana izany ho tanteraka.

Misy hiran'ny Kilonga iray hafa maneho ny herin'ny finoana tsotra sy ny fijoroana ho vavolombelona maharitra:

Raha manaraka Azy aho mandra-podiako any

dia homeny ahy ny Fanahy sy ny fitia tsy lany.

Il peut changer mon cœur et m'aider dans mes choix.

Je marche avec Jésus et il marche avec moi.

En chantant, les enfants expriment le désir d'être des disciples et d'apprendre le modèle d'une vie d'alliances. L'Esprit se sert de la musique pour graver des vérités éternelles dans leur cœur tendre. Et, avec le temps, les enfants choisissent d'aligner et de tournerleur cœur et leur vievers Jésus-Christ en contractant des alliances sacrées avec lui et en les respectant.

Ary hovainy ity foko hahita tsy hanahy.

Koa hanaraka Azy aho, ary Izy hitantana ahy.

Rehefa mihira ireo ankizy dia maneho ny fanirian'ny mpianatry ny Tompo izy ireo ary mianatra ny fomba fiainana ny fanekempihavanana. Amin'ny alalan'ny mozika, ny Fanahy dia afaka mahatonga ireo fahamarinana mandrakizay ho voasokitra ao am-pon'ireo ankizy. Ary rehefa ela ny ela dia afaka ny hisafidy ny hampifanaraka sy hampitodikany fo sy fiainan'izy ireoany amin'i Jesoa Kristy ireo ankizy amin'ny fanaovana sy fitandremana ôrdônansy masina miaraka Aminy .

## Se souvenir de nos alliances et se préparer pour les ordonnances

La musique sacrée inscrit la doctrine du Christ dans notre cœur et nous prépare à recevoir ses ordonnances. Elle lie la doctrine du Sauveur à notre mémoire et cette mémoire à notre vie de disciple de Jésus-Christ.

En tant que dirigeants de la Primaire, nous avons la responsabilité sacrée de nous assurer que la musique de la Primaire est enseignée avec joie, par l'Esprit, et que les enfants en comprennent la doctrine. Pour ce faire, il faut inviter les enfants à comprendre que ce qu'ils ressentent quand ils chantent vient du Saint-Esprit. Ces efforts les préparent aux ordonnances sacrées, comme le baptême et la confirmation, et leur rappellent leurs alliances lorsqu'ils renouvellent régulièrement leurs promesses envers Dieu.

Lors de la dernière Cène, Matthieu a écrit « qu'après avoir chanté les cantiques, ils se rendirent à la montagne des oliviers». Chaque semaine, des membres baptisés et confirmés de l'Église rétablie du Seigneur, notamment des enfants de huit ans, se préparent à prendre la Sainte-Cène du Seigneur. Par le chant de cantiques sacrés, les enfants de Dieu rassemblés préparent leur cœur pour cette ordonnance sacrée, et s'engagent à prendre sur eux le nom du Christ, à se souvenir toujours de lui et à respecter ses commandements.

## Mahatsiaro ireo fanekempihavanana nataontsika sy miomana ho amin'ireo ôrdônansy

Ny hira masina dia afaka manoratra ny fotopampianaran'i Kristy ao amin'ny ati-fanahintsika sy manomana antsika hiomana handray ireo ôrdônansiny. Izy io dia mampifandray ny fotopampianaran'ny Mpamonjy amin'ny fitadidiantsika ary mampifandray izany fitadidiana izany amin'ny maha mpianany antsika.

Isika mpitarika ao amin'ny Kilonga dia manana fahafahana sy andraikitra masina hanao izay hampianarana ny hiran'ny Kilonga am-pifaliana, omban'ny fahatakarana ny fotopampianarana ary miaraka amin'ny Fanahy. Tafiditra ao anatin'izany ny fanasana ny ankizy hahatsikaritra ny zavatra tsapany rehefa mihira sy ny fanampiana azy ireo hamantatra fa izany fahatsapana izany dia avy amin'ny Fanahy Masina. Izany ezaka izany dia hanomana ny zanatsika ho amin'ny ôrdônansy masina toy ny batisa sy fandraisana ho mpikambana, sady hanampy azy ireo hahatsiaro ny ôrdônansy nataony rehefa manavao matetika ny fampanantenana nataony tamin' Andriamanitra izy ireo.

Tamin'ny fisakafoana hariva farany nataon'ny Mpamonjy, taorian'ny nanorenany ny fanasan'ny Tompo dia toy izao ny noraketin'i Matio: "Rehefa nihira fiderana izy, dia lasa nankany an-tendrombohitra Oliva".Isan-kerinandro dia miomana handray ny fanasan'ny Tompoireo mpikambana vita batisa sy noraisina ho mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo naverina tamin'ny laoniny, anisan'izany ireo ankizy valo taona vita batisa. Rehefa miangona ireo zanak' Andriamanitra ka manao hira masina dia manana fahafahana izy ireo hanomana ny fon'izy ireo ho amin'ilay ôrdônansy masina ny hitondra ny Anarany, ny

## Témoignage de clôture

Je témoigne que les chants de la Primaire enseignent des vérités éternelles, et la doctrine menant à Jésus-Christ et à son Évangile. Demandez-vous quelles vérités fondamentales ont été gravées dans votre cœur grâce à ces chants et témoignez de ces vérités aux plus jeunes disciples du Sauveur tandis que vous leur enseignez la bonne nouvelle de l'Évangile par le chant.

Dans son amour infini, Dieu notre Père a envoyé son Fils bien-aimé sur terre pour nous instruire, nous montrer la voie et nous racheter par son expiation.

Je sais que la vie et le ministère du Sauveur sont réels, et touchent chacun de nous personnellement. Les Écritures regorgent de récits des guérisons qu'il a opérées, de sa bonté et de ses miracles.

Je sais que notre Père céleste répond aux prières sincères de ses enfants, quels que soient leur âge, leur situation personnelle et leur langue. Il écoute les aspirations silencieuses de notre cœur.

Je témoigne que Jésus-Christ a porté le poids de nos péchés, de nos chagrins et de nos souffrances. Il a accepté de souffrir par amour pour nous pour que nous soyons pardonnés et rentrions dans notre foyer céleste.

Je sais que nous sommes littéralement créés à l'image de Dieu, dotés d'un potentiel divin et conviés à retourner vivre avec lui si nous choisissons de suivre Jésus-Christ.

Je sais que Jésus-Christ est notre exemple parfait et que, si nous le servons, pardonnons et aimons autrui, nous devenons plus semblables à lui, jour après jour.

Et je sais que les saints temples du Seigneur

hahatsiaro Azy mandrakariva, ary ny hitandrina ny didiny.

## Fijoroana ho vavolombelona ho famaranana

Ry namako, mijoro ho vavolombelona aho fa ny hiran'ny Kilonga dia mampianatra fahamarinana mandrakizay sy fotopampianarana izay mitarika antsika ho any amin'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany. Manasa anareo aho handinika hoe inona avy ireo fahamarinana fototra izay voasoratra ao am-ponareo tamin'ny alalan'ireo fampianarana tsotra entin'ireo hira ireo, ary hijoro ho vavolombelona ny amin'izany fahamarinana izany amin'ireo mpianatry ny Mpamonjy zandriny indrindra, rehefa mampianatra azy ireo ny vaovao mahafalin'ny filazantsara amin'ny alalan'ny hira ianareo.

Fantatro fa Andriamanitra Raintsika, tamin'ny fitiavany tsy manam-petra, dia nandefa ny Zanany Malala ho etý an-tany mba hampianatra antsika sy hanoro antsika ny lalana ary hanavotra antsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotany.

Fantatro fa ny fiainana sy fanompoan'ny Mpamonjy dia tena nisy ary miantefa amin'ny tena manokana. Feno tantara momba ny fanasitranana nataony sy ny hatsarampanahiny ary ny fahagagana nataony ny soratra masina.

Fantatro fa ny Ray any An-danitra dia maheno sy mamaly ny vavaka ataon'ireo ankizy amin-kitsim-po, tsy mifidy taona, na toe-javatra iainana na fiteny. Mihaino ireo fitalahoana mangina ataon'ny fontsika Izy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tao Getsemane i Jesoa Kristy dia nitondra ny vesatry ny fahotantsika sy alahelontsika ary fanaintainantsika. Nijaly an-tsitra-po Izy noho ny fitiavany antsika ary nahatonga antsika ho afaka ny ho voavela sy hiverina hody indray.

Fantatro fa zanak' Andriamanitra tokoa isika, nohariana araka ny endriny, nomena hery ahafaha-mivoatra ho tahaka an' Andriamanitra, ary nasaina mba hiverina hiaina miaraka Aminy raha toa isika misafidy ny hanaraka an'i Jesoa Kristy.

Fantatro fa i Jesoa Kristy no ohatra tonga lafatra ho antsika, ary rehefa manaraka Azy isika amin'ny fanompoana, famelana heloka, sy fitiavana ny hafa, dia miova ho tahaka Azy kokoa isan'andro.

Ary fantatro fa ny tempoly masin'ny Tom-

sont ses maisons, ici sur terre. Nous y contractons des alliances sacrées, recevons des bénédictions éternelles, en apprenons plus sur lui et ressentons davantage sa présence. Le temple est un lieu d'apprentissage, de paix et de préparation pour notre vie.

Je témoigne que nos efforts pour enseigner et chanter les chants de la Primaire à nos enfants sont plus qu'un aspect agréable de notre tradition religieuse. Ce sont des sermons pour les disciples de Jésus-Christ, des témoignages de la véracité de l'Évangile rétabli et des prières mises en musique. Les chants sacrés reflètent la lumière du Christ sur l'auditeur et la déversent dans le cœur de celui qui les chante. Chers amis, Jésus souhaite toujours que nous brillions pour lui. J'en témoigne au nom sacré de Jésus-Christ. Amen.

po dia tranony etý an-tany. Ao amin'izy ireny isika no manao fanekempihavanana masina sy mandray fitahiana mandrakizay ary mianatra misimisy momba Azy sy mahatsapa kokoa ny fanatrehany. Ny tempoly dia toerana ahazoana fianarana sy fiadanana ary fiomanana ho an'ny fiainantsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo ezaka ataontsika mba hampianatra sy hihira ireo hiran'ny Kilonga ireo ho an'ireo ankizy dia tsy ampahany mahafinaritra fotsiny amin'ny fomba fanaontsika ara-pivavahana. Izy ireny dia toriteny ho an'ny mpianatr'i Jesoa Kristy, sy fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, ary vavaka izay natao ho hira. Ny hira masina dia afaka mampita ny fahazavan'i Kristy any amin'ny mpihaino azy ary afaka mampirotsaka izany hankao amin'ny fon'ny mpihira. Ry namana, mbola tian'i Jesoa mba hazava isika.Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena.